# JENNER OF GEORGE STREET

http://www.personaltract.com

*Ambaran'I Jesô fa ny fanjakan'Andriamanitra dia oharina amin'ny olona iray namafy voa. Ity dia fiainan'i Frank Jenner izay tena mampiaiky volana, mitantara ny fomba nampiasan'Andriamanitra azy tany amin'ny làlana George, Sydney hanapariaka ny vaovao mahafaly momba an'I Jesosy maneran-tany. Hitahy anao anie Andriamanitra ka hanome hery anao ho sahy ka tsy ho menatra hijoro vavolombelona ny amin'I Jesosy Kristy. Ity version hovakianao ity dia novokarin'ny personaltract.com ary notakarina tamin'ny boky nosoratan'I Dr Raymond Wilson mitondra ny lohanteny hoe "Jenner of George Street".*

### Frank Jenner –George Street Evangelist

## JENNER OF GEORGE STREET

http://www.DivineRevelations.info/MALAGASY



**Tao amin'ny fiangonana batiste iray tany Bournemouth Angleterre no niandoha ny tantara taona maro lasa izay. Indray alina, I Pasitera Dr. Francis Dixon dia niangavy lehilahy iray nantsoina hoe: Peter hijoro vavolombelona.**

**Niakatra I Peter ka nanao hoe: "Toy izao no nahavoavonjy ahy.Tao amin'ny "Royal Navy" (tafika an-dranomasina anglisy).Raha nitsangantsangana tany amin'ny làlana George Sydney Australie aho dia indro nisy lehilahy nipoitra tampoka sady nanao tamiko hoe: 'Azafady tompokolahy, Mba Afaka manontany zavatra anao ve aho? Aza tohina an! Raha anio ianao no maty, handany ny mandrakizainao aiza? Ny baiboly milaza fa na ianao any an-danitra na any amin'ny helo.Saintsaino izany raha mety! Misaotra. Andriamanitra anie hitahy anao! Ary lasa ilay olona.Tsy mbola nipetraham-panontaniana toy izany mihitsy aho hatrizay – tsy nety afaka tao antsaiko mihitsy ilay izy.Niverina taty Angleterre aho ka nifanena tamin'olona iray nanasa ahy hiaraka aminy hitory, dia izay no nahakristiana ahy.".**

**Fotoana vitsy taty aoriana, nisy fivorian'ny tanora tao amin'io fiangonana tany Bournemouth io.Ary I Noel, anisan'ireo vahiny dia nijoro vavolombelona: "Toy izao no nahalalako an'I Jesosy Kristy. Miaramila tao amin'ny "Royal Navy" aho ary niantsona tao Sydney ny sambonay. Indray takariva aho raha nandehandeha tany amin'ny làlana George dia nisy lehilahy iray nipoitra tampoka avy tany.Hoy izy tamiko, 'Ry tovolahy, Ity misy fanontaniana.Raha maty anio alina ianao dia ho aiza? Ho any an-danitra sa ho any amin'ny helo? Aza manandrana ny tsy hiraharaha izany, ny iray amin'ireo no tsy maintsy halehanao.' Nanakoako tao an-tsaiko nandritry ny volana maro izay nolazainy. Nitady fanampiana tamina kristiana aho,**

**io no nanampy ahy, ary nanolotra ny fiainako ho an'I jesosy aho." Tena tian'ny ... Baptiste ny fijoroam-bavolombelona toy izany!**

**Sahiran-tsaina aoka izany ilay mpitandrina baptiste tany Londre! Tsy ela taorian'izany, nitory teny tany Adelaide, Australie atsimo izy, tamin'izany no nanapahany hevitra hitantara ny fihaonan'i Peter sy Noel's tamin'ilay lehilahin'ny làlana George tamin'ny fotoana samy hafa.Teo am-pitantaràna indrindra izy no nisy lehilahy nientam-po mafy niakatra teny ambony sady nanao hoe: "Izaho koa! Izaho koa!" Toy izany koa no fomba nisintonan'io lehilahin'ny làlana George io ahy ho an'I Kristy."**

**Corporal Murray Wilkes no anaran'io lehilahy io, maika ery izy tamin'izay hanenjika fiarandalamby tany George Street no nandre fao niantso azy avy tao aoriany "e! andraso kely!" Nijanona i Murray sady nitodika.Ary nanontany azy ilay olona hoe: "Ry miaramila, raha ho faty anio alina ianao, dia ho aiza? Ho any an-danitra sa helo?" "Manantena aho fa ho any an-danitra," hoy I Murray namaly. "Tsy ampy ny manantena fotsiny" hoy ilay lehilahy. "Azonao atao ny mahalala!"**

**Namotsipotsitra ny vay anatin'I Murray ny fanontanian'ity olon-tsy fantany ity. Na dia tsara fiainana sy mpiangona ary manambady aza izy dia fantany tsara koa fa mpihatsara ivelatsihy sady tsy mbola nandinika mihitsy ny mandrakizainy. 2 herinandro taty aoriana, nandohalika tao amin'ny kazerna I Murray ary nanolotra an'I Kristy ny fiainany.**

**Nanohy ny fitetezam-paritra nataony i Dr. Francis Dixon, ary rehefa nitory tany Perth dia nambarany indray ilay tantara. Rehefa izany dia nisy tovolahy nanatona azy ka nanambara ihany koa fa tao amin'ny: "Navy" izy, nandeha tany amin'ny làlana George ary tonga kristiana noho ny fanontaniana mampandinika napetrak'io olon-tsy fantany io taminy.**

**Tonga tany Sydney I Dr. Dixon nony ela, ary tsy andriny ny hahalala ny fandehan'io fitoriana antanan-dehibe io, nanontany mpiasa Kristiana izy: «Fa iza io lehilahin'ny làlana George io": «Fantatro tsara izy": «Frank Jenner no anarany".**

**Nentina tamin-trano bongo kely i Francis Dixon, nampihaonina tamin'I Frank Jenner. Rehefa nitantara ny amin'ireo tovolahy miaramila 4 nanatona an'I Jesosy vokatr' ilay fanontaniana tsotra napetrak'I Frank i Francis.Nanomboka nitomany I Frank; "Tsy mbola nandre olona nanohy ny làlana miaraka amin'I Jesosy vokatry ny teniko mihitsy aho".Nisy ihany aloha ny nanapa-kevitra nony niresahako taminy indray asabotsy alim-pijoroam-bavolombelona, avy eo naira-nisakafo tamiko ny alahady maraina (Indraindray misy olona 30 miaraka amiko aty an-trano), fa tsy nahalala hafa ankoatr'izay aho."**

**16 taona izany no nanaovan'I Frank io asa io nefa teo no voalohany nahafantarany ny vokatra maharitry ny asany.Tena miorina mafy izy matoa nahavita naneho fankatoavana sy fitiavan-dehibe an'I Jesosy toy izany, nitory nandritry ny taona maro nefa tsy mba nandre na nahita vokatra.**

**Nandritry ny taona vitsivitsy, nitory manerana izao tontolo izao i Francis Dixon, ary amin'izany dia tantarainy hatrany ny amin'I Frank Jenner.**

**Tany Royaume Unies – tamin'ny fivoriana evanjelika izay nanatonan'ny mpitandrina maromaro azy ka nilazan'izy ireo fa izy ireo koa nosakanan'io lehilahy io ka nametrahany io fanontaniana mahavalalanina io.**

**Tany Inde – tamin'ny fihaonan'ny misionera, nisy lehilahy karana iray tamin'io nijoro vavolombelona fa nitsidika an'I Sydney ka nifanehitra tamin'ny fanontanian'I Frank. Nandray an'I Kristy izy ka niditra ho vondrona kristiana.**

**Tany Jamaïque – tamina fihaonana misionera izay nisiana misionera roa nandray an'I Jesô herin-taona talohan'io noho ny fijoroam-bavolombelon'I Frank.**

**Tany Etats-unies –tamin'ny fihaonan'ireo mpitory amin'ny miaramila.Notantarainy ny amin'ilay lehilahin'I George Street sy ny fijoroam-bavolombelony.Ny iray tamin'ireo mpitory koa dia nilaza fa nanatona an'I Kristy vokatry ny fanontaniana mampisaina napetrak'I Frank Jenner's.**

**Tsy hay vinaniana ny hamaron'ny fanahy voakasik'io toriteny andalana iray io, azo antoka kosa nefa fa zavatra mihoatra ny fanisàna tsotra no hahafaha-mamaritra ny lovan'I Frank.**

**Notantarain'I Frank ny lalam-pinoany izay miavaka toa an'ireo fanahy voakasiny ihany. "Talohan'ny nahalalako an'I Jesosy" hoy izy: «Tany anaty sambo no nandaniako ny androm-piainako ary tonga mpiloka tsy azo laizina aho.Tamin'ny 1937 no nihaonako tamin'ny mpamonjiko voalohany ka nanovàny tanteraka ny fiainako – lasa mandrakizay ny fitiavan-doka" .Ho famalian-tsoa noho ny famindrampo faharoa nomena azy dia nivoady hanompo an'Andriamanitra amin'ny heriny sy fahaizany manontolo izy. Hoy izy: «Ny tanjoko dia hiteny amin'olona 10 momba an'I Jesosy isan'andro, ary nanao izany nandritry ny 28 taona aho mandrapahazon'ny aretina Parkinson's laka. Na nandritry ny ady na tamin'ny fotoana nilamina, na tamin'ny fotoan-tsarotra na mora, dia nanohy foana aho ny asa izay efa nanomezako toky fa hataoko". Tamin'ny taona maro nitoriany dia vinavinaina ho mihoatra ny 1 hetsy ny olona efa niresahan'I Frank. Mihoatra noho izay niresahan'ny mpitandrina maro nandritry ny androm-piainany.**

**Tamin'ny taona faram-parany dia niharatsy hatrany ny fahasalaman'I Frank ary nandritry ny andro faram-parany niainany dia toy izao no vavaka nataony: «Tompo ô! Mba alaivo hody amin'ny alahady alina aho".Nekena io fangatahany farany io. Maty tamin'ny 12 latsaka fahefany izy ny alahady alina. Ny ampitso marainan'io, indro ny tara-masoandro niditra avy teo ambaravarankeliny, nanafàna ilay baiboly tiany indrindra izay efa ela niasàna sy ny raozy tokana teo amboniny.**

**Tsy nisy afa-tsy vondrona kristiana vitsivitsy tany Sidney Australie no nahafantatra an'I Frank Jenner, nefa ambarako aminao fa malaza aoka izany ny anarany any an-danitra.Fantatry ny mponin'ny lanitra izy.Azonao antsaina angamba ny fitsenanana makotrokotroka azy nony nody tany amin'ny voninahitra.**

**Hoy I Jesô: «na zovy na zovy no hanaiky Ahy eo anatrehan'ny olona, dia hekeko kosa izy eo anatrehan'ny Raiko Izay any an-danitra" matio 10:32). Mino aho fa I Jesô dia manaiky an'I Frank matetika eo anatrehan'ny Rainy any an-danitra. (Toy izao koa anefa no nambaran'I Jesô: «Raha tsy manaiky ahy eo anatrehan'ny olona ianao dia mba holaviko koa eo anatrehan'ny Raiko any an-danitra".)**

**Any no tsara indrindra hanekena anao, any an-danitra, heken'ny Rainao any an-danitra fa tsy ny olona ety an-tany, satria any no itoeran'ny valisoantsika.**

**Izaho manokana mihevitra fa ny sarin'I Frank Jenner tsy ho hita mihitsy amin'ny fonon'ireo boky kristiana fantadaza, raha hisy dia ho andininy vitsy no hilaza ny tantarany ao amin'ny gazety kristiana. Fa Andriamanitra kosa nanao izay hahafantarana ny tantaran'ity olona nanome voninahitra azy loatra ity mba ho voninahiny koa.**

**Andriamanitra anie hitahy anao ka hanome hery anao ho sahy ka tsy ho menatra hijoro vavolombelona ho an'I Kristy.**
**Translated into Malagasy by Hery Rasolofoarinivo**